# Ireo fitsipika fototry ny fikolokoloana fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay.

Alaivo sary an-tsaina hoe handefa zavatra amin'ny bilaogy na hamorona horonan-tsary ny vondrona misy anao izay ampitondraina ny lohateny hoe "Ireo fitsipika fototry ny fikolokoloana fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay." Ireo fitsipika ho an'ilay bilaogy na horonan-tsary dia tokony hosintonina avy ao amin'ny fizarana 1 sy 2 amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana na avy ao amin'ireo soratra masina. Koa satria tsy ny zavatra manan-danja rehetra no azonao hazavaina ao anatin'ilay bilaogy na horonan-tsary ataonao, dia manapaha hevitra ny amin'ireo fomba dimy manan-danja indrindra izay azo hamenoana ity fitsipika manaraka ity: **Ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka mikolokolo fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny . . .**

*Ohatra:*

Ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka mikolokolo fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny fanarahana ny ohatra feno fitiavana sy fahafoizan-tena feno fahamarinana nataon'ny Mpamonjy (jereo ny Efesiana 5:25, 28–31).

Afaka manampy anao hanapa-kevitra ny amin'izay fitsipika ho atsofoka ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana ity fitsipika ity no tokony hatsofoka ao anatin'ilay bilaogy na horonan-tsary izay ataontsika? Manampy amin'ny fanambadiana sambatra sy maharitra amin'ny fomba ahoana ny fiainana ity fitsipika ity?
- Moa ve niresaka mikasika io fitisipika io ireo mpivady sambatra izay noresahantsika tamin'ny fiomanana ho an'ny fotoam-pianarana? Raha eny, dia inona no nozarain'izy ireo mikasika izany?

— — — — — — — — — — — — — — — — — — — — — —

Alaivo sary an-tsaina hoe handefa zavatra amin'ny bilaogy na hamorona horonan-tsary ny vondrona misy anao izay ampitondraina ny lohateny hoe "Ireo fitsipika fototry ny fikolokoloana fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay." Ireo fitsipika ho an'ilay bilaogy na horonan-tsary dia tokony hosintonina avy ao amin'ny fizarana 1 sy 2 amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana na avy ao amin'ireo soratra masina. Koa satria tsy ny zavatra manan-danja rehetra no azonao hazavaina ao anatin'ilay bilaogy na horonan-tsary ataonao, dia manapaha hevitra ny amin'ireo fomba dimy manan-danja indrindra izay azo hamenoana ity fitsipika manaraka ity: **Ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka mikolokolo fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny . . .**

*Ohatra:*

Ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka mikolokolo fanambadiana sambatra sy maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny fanarahana ny ohatra feno fitiavana sy fahafoizan-tena feno fahamarinana nataon'ny Mpamonjy (jereo ny Efesiana 5:25, 28–31).

Afaka manampy anao hanapa-kevitra ny amin'izay fitsipika ho atsofoka ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana ity fitsipika ity no tokony hatsofoka ao anatin'ilay bilaogy na horonan-tsary izay ataontsika? Manampy amin'ny fanambadiana sambatra sy maharitra amin'ny fomba ahoana ny fiainana ity fitsipika ity?
- Moa ve niresaka mikasika io fitisipika io ireo mpivady sambatra izay noresahantsika tamin'ny fiomanana ho an'ny fotoam-pianarana? Raha eny, dia inona no nozarain'izy ireo mikasika izany?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.